**MINISITERAN' NY RANO SY ALA**

*29 mey 1992.* — Fanomezan-dàlana ahazoana mihaza sy mivarotra ireo biby amam-borona tsy voaaron' ny lalàna, laharana faha-9-MPAEF/DEF/SPN/FFE/E.66/01 ........ 666

*29 mey 1992.* — Fanomezan-dàlana ahazoana mihaza sy mivarotra ireo biby amam-borona tsy voaaron' ny lalàna, laharana faha-10-MPAEF/DEF/SPN/FFE/E.66/01 ........ 668

*29 mey 1992.* — Fanomezan-dàlana ahazoana mihaza sy mivarotra ireo biby amam-borona tsy voaaron' ny lalàna, laharana faha-13-MPAEF/DEF/SPN/FFE/E.66/01 ........ 669

**MINISTERE DE EAUX ET FORETS**

*29 mai 1992.* — Autorisation de chasse commerciale aux animaux et oiseaux non protégés n° 9-MPAEF/DEF/SPN/FFE/E.66/01 ........ 666

*29 mai 1992.* — Autorisation de chasse commerciale aux animaux et oiseaux non protégés n° 10-MPAEF/DEF/SPN/FFE/E.66/01 ........ 668

*29 mai 1992.* — Autorisation de chasse commerciale aux animaux et oiseaux non protégés n° 13-MPAEF/DEF/SPN/FFE/E.66/01 ........ 669

# REPOBLIKA DEMOKRATIKA MALAGASY

## GOVERNEMANTA

### Sekretaria jeneraly

Noho ny didim-panjakana laharana faha-92-518 nataon' ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta, tamin' ny 18 mey 1992, Atoa Ratsifehera Arsène, Minisitry ny Indostria sy ny Asatànana no ampiandraiketina ny fisoloan-toerana vonjimaika ao amin' ny minisiteran' ny Toe-karena mandritra ny tsy maha-eo ny Minisitra Vony Roger, nalefa hanatontosa iraka any ivelany.

Noho ny didim-panjakana laharana faha-92-519 nataon' ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta, tamin' ny 18 mey 1992, Atoa Amady Augustin, Minisitry ny Polisim-pirenena no ampiandraiketina ny fisoloan-toerana vonjimaika ao amin' ny minisiteran' ny Atitany, mandritra ny tsy maha-eo ny Minisitra Rabotoarison Charles Sylvain, nalefa hanatontosa iraka any ivelany.

Noho ny didim-panjakana laharana faha-92-521 nataon' ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta, tamin' ny 19 mey 1992, Atoa Etsifosaine, Minisitry ny Rano sy ny Ala no ampiandraiketina ny fisoloan-toerana vonjimaika ao amin' ny minisiteran' ny Fambolena mandritra ny tsy maha-eo ny Minisitra Andréas Claude, nalefa hanatontosa iraka any ivelany.

Noho ny didim-panjakana laharana faha-92-534 nataon' ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta, tamin' ny 21 mey 1992, Atoa Rasamoelina Henri, Minisitry ny Varotra no ampiandraiketina ny fisoloan-toerana vonjimaika ao amin' ny minisiteran' ny Fikarohana siantifika mandritra ny tsy maha-eo ny Minisitra Andrianantenaina Pierre, nalefa hanatontosa iraka any ivelany.

## MINISITERAM-PANJAKANA AMIN' NY FAMBOLENA SY NY FAMPANDROSOANA NY AMBANIVOHITRA SY MINISITERAN' NY FIOMPIANA SY NY HAREN' NY ATIRANO

### DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA-92-283

**mikasika ny fisahanana ny fitsaboana biby sy manangana ny holafitry ny docteurs vétérinaires eto amin' ny firenena**

Ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta,

Araka ny Lalàmpanorenana sy ny Fifanarahana tamin' ny 31 oktobra 1991,

# RÉPUBLIQUE DÉMOCRATIQUE DE MADAGASCAR

## GOUVERNEMENT

### Secrétariat général

Par décret n° 92-518 du Premier Ministre, Chef du Gouvernement, en date du 18 mai 1992, M. Ratsifehera Arsène, Ministre de l'Industrie et de l'Artisanat, est chargé de l'intérim du ministère de l'Economie, en l'absence du Ministre Vony Roger, appelé en mission à l'extérieur.

Par décret n° 92-519 du Premier Ministre, Chef du Gouvernement, en date du 18 mai 1992, M. Amady Augustin, Ministre de la Police Nationale, est chargé de l'intérim du ministère de l'Intérieur, en l'absence du Ministre Rabotoarison Charles Sylvain, appelé en mission à l'extérieur.

Par décret n° 92-521 du Premier Ministre, Chef du Gouvernement, en date du 19 mai 1992, M. Etsifosaine, Ministre des Eaux et Forêts, est chargé de l'intérim du ministère de l'Agriculture, en l'absence du Ministre Andréas Claude, appelé en mission à l'extérieur.

Par décret n° 92-534 du Premier Ministre, en date du 21 mai 1992, M. Rasamoelina Henri, Ministre du Commerce, est chargé de l'intérim du ministère de la Recherche scientifique, en l'absence du Ministre Andrianantenaina Pierre, appelé en mission à l'extérieur.

## MINISTERE D'ETAT A L'AGRICULTURE ET AU DEVELOPPEMENT RURAL ET MINISTERE DE L'ELEVAGE ET DES RESSOURCES HALIEUTIQUES

### DÉCRET N° 92-283

**relatif à l'exercice de la médecine vétérinaire et portant institution d'un ordre national des docteurs-vétérinaires**

Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu la Constitution et la Convention du 31 octobre 1991,

Araka ny lalàna laharana faha-91-008 tamin' ny 25 jolay 1991 mikasika ny fiainan' ny biby,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-91-432 tamin' ny 8 aogositra 1991 manendry ny Praiminisitra, sady Lehiben' ny Governemanta,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-91-614 tamin' ny 19 desambra 1991 anovana ny didim-panjakana laharana faha-91-549 tamin' ny 13 novambra 1991, manendry ny mambra ao amin' ny Governemanta,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-92-150 tamin' ny 5 febroary 1992 manondro ny anjara raharahan' ny Minisitry ny Fiompiana sy ny Haren' ny ati-rano ary koa ny fandaminana ankapobe ny minisiterany,

Araka ny tolo-kevitra naroson' ny Minisitry ny Fiompiana sy ny Haren' ny ati-rano,

Eo am-pivorian' ny Governemanta,

Dia mamoaka izao didy izao:

## TOKO VOALOHANY

### *Fisahanana ny fitsaboana ny biby*

Andininy voalohany. — Ny fanaovana ny asan' ny veterinera dia ampanarahana ireto fepetra manaraka ireto:

— tsy maintsy mizaka ny zom-pirenena malagasy;

— tsy maintsy voasoratra ao amin' ny tabilaon' ny holafitry ny *docteurs vétérinaires.*

Ho fandinganana ny fepetra voalazan' ny andalana voalohany amin' izao andininy izao, dia afaka ihany manao ny asan' ny *vétérinaires* eto amin' ny tanin' ny firenena:

— ny *docteurs-vétérinaires* vahiny noraisina hiasa amin' ny Fanjakana samirery ihany, amin' ny alalan' ny fifanekena na araka ny fifanarahana momba ny fiaraha-miasa ifanaovan' ny firenena roa tonta na ifanaovana amin' ny firenena maromaro;

— ny *docteurs-vétérinaires* vahiny noraisina hiasa amin' ny orinasa tsy miankina amin' ny Fanjakana samirery ihany, araka ny fepetra voatondron' ny didim-pitondrana ataon' ny Minisitra miandraikitra ny Fiompiana.

And. 2. — Ny filazam-pahaizana dia azo avy amin' ny fankatoavana.

Ankatoavina ho mari-pahaizan' ny *vétérinaires* ny mari-pahaizana izay manamarina, aorian' ny *baccalauréat,* ny fianarana nandritra ny dimy taona farafahakeliny natokana indrindra ho amin' ny farmasia ivarotana fanafodim-biby, ny fitsaboana sy ny fandidiana ny biby ary ho amin' ny toe-karena momba ny fiompiana.

Ekena ho eo amin' ny laharan ny *docteurs-vétérinaires,* ny *vétérinaires* izay nahatontosa, nanolotra ampahibemaso sy nanohana teo anatrehan' ny mpanadina manam-pahaizana momba izany, ankoatra ny fianarana manokana vitany, asa siantifika nataony manokana mikasika ny lafim-piainan' ny biby ary koa ireo fisehony eo amin' ny lafiny ara-tsosialy, sy ara-toe-karena ary momba ny kolontsaina.

Ny fianarana vita araka ireo andàlana eo aloha dia tokony ho natao tamin' ny toeram-pampianarana ekena ara-panjakana ao amin' ny firenena misy azy.

And. 3. — Ny Minisitra miandraikitra ny Fiompiana no manao ny lisitry ny toeram-pampianarana mifanaraka amin' ny fepetra voatanisa eo amin' ny andininy faha-2.

Azo atao ny mamarina mandinika azy ireo, nefa raha sendra misy fikosehan-tsoratra, ny fianarana efa natomboka tao amin' ny toeram-pampianarana iray voasoratra hatramin izao, dia mijanona ho ankatoavina ho an' ireo izay efa tena manomboka ny taona voalohany, ary afaka tamin' ny fanadinana famaranan-taona.

Ny filazam-pahaizana azo avy amin' ny toeram-pampianarana voasoratra dia ankatoavin' ny minisitera miandraikitra ny Fiompiana rahefa hita ny taratasy manamarina ny fahafahana tamin' ny fanadinana famaranam-pianarana.

And. 4. — Ny *docteurs-vétérinaires* no hany antsoin' ny manam-pahefana ara-pitsarana, ara-pitondran-draharaha ary ara-miaramila momba ny asa rehetra tafiditra ao amin' ny fari-pahaizany. Tsy maintsy manaiky ny fangatahana ara-dalàna ataon' ny manam-pahefana izy ireo.

Vu la loi n° 91-008 du 25 juillet 1991 relative à la vie des animaux,

Vu le décret n° 91-432 du 8 août 1991 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu le décret n° 91-614 du 19 décembre 1991 modifiant le décret n° 91-549 du 13 novembre 1991 portant nomination des membres du Gouvernement,

Vu le décret n° 92-150 du 5 février 1992 fixant les attributions du Ministre de l'Elevage et des Ressources halieutiques, ainsi que l'organisation générale de son ministère,

Sur proposition du Ministre de l'Elevage et des Ressources halieutiques,

En conseil du Gouvernement,

Décrète :

## CHAPITRE PREMIER

### *Exercice de la profession de vétérinaire*

Article premier. — L'exercice de la profession vétérinaire est soumis aux conditions suivantes :

— être de nationalité malgache ;

— être inscrit au tableau de l'ordre national des docteurs-vétérinaires.

Par dérogation au paragraphe premier du présent article, peuvent également exercer des activités vétérinaires sur le territoire national :

— les docteurs-vétérinaires étrangers recrutés pour le compte exclusif de l'Etat, sur contrat ou en vertu d'accords de coopération bilatéraux ou multilatéraux ;

— les docteurs-vétérinaires étrangers recrutés pour le compte exclusif des entreprises privées, dans les conditions fixées par arrêté du Ministre chargé de l'Elevage.

Art. 2. — Les titres s'acquièrent par homologation.

Sont homologués comme diplôme de vétérinaires les diplômes sanctionnant, après le baccalauréat, au moins cinq années d'études exclusivement consacrées à la pharmacie vétérinaire, à la médecine et à la chirurgie des animaux, et à l'économie de l'élevage.

Sont admis au grade de docteurs-vétérinaires, les vétérinaires qui ont, outre leurs études spécifiques, réalisé, présenté publiquement et soutenu devant un jury compétent, un travail scientifique personnel, se rapportant à tous aspects de la vie des animaux, ainsi que de ses aspects sociaux, économiques et culturels.

Les études accomplies en application des paragraphes précédents doivent avoir été effectuées dans des établissements officiellement reconnus dans les pays où ils se trouvent.

Art. 3. — Des listes d'établissements répondant aux conditions énoncées à l'article 2 sont établies par le Ministre chargé de l'Elevage.

Elles sont révisables, mais en cas de radiation, les études déjà entamées dans un établissement jusqu'alors inscrit, demeurent homologables pour ceux qui ont commencé leur première année effective et sont admis aux examens de fin d'étude.

Les titres acquis dans les établissements inscrits sont homologués par le ministère chargé de l'Elevage au vu des pièces attestant le succès aux examens de fin d'études.

Art. 4. — Les docteurs-vétérinaires sont seuls requis par les autorités judiciaires, administratives et militaires pour tous les actes de leur compétence. Ils sont tenus de déférer aux réquisitions légalement faites par l'autorité publique.

And. 5. — Ny adidin' ny *vétérinaires* amin' ny maha-olona azy sy ao amin' ny fanaovan-draharaha dia faritan' ny fitsipika momba ny fandalàna ny adidy aman' andraikitra iantsorohana nataon' ny holafitry ny *docteurs vétérinaires* ary nankatoavin' n y Minisitra miandraikitra ny Fiompiana, ary izany dia tsy misakana ny fampiharana ny lalàna sy ny didy amam-pitsipika manan-kery.

And. 6. — Satria voafetra ny isan' ny toeran' ny mpandraharaha ao aminy, dia mampanao fifaninanana ny Fanjakana handraisana *docteurs-vétérinaires* izay hiasa ao aminy, amin' ny fotoana feno, ka ny fepetra momba izany dia ho tondroin' ny Minisitra miandraikitra ny Fiompiana.

## TOKO 2

### *Holafitry ny «docteurs-vétérinaires» eto amin' ny firenena*

#### Sokajy I — Fandaminana sy rafitra

**And. 7. — Ny holafitry ny *docteurs-vétérinaires* naorin' ny lalàna mikasika ny fiainan' ny biby (andininy faha-11) ary antsoina amin' ny manaraka hoe «ny holafitra», dia mampivondrona ny *docteurs-vétérinaires*** rehetra mizaka ny zom-pirenena malagasy.

Ny teratany avy amin' ny firenena izay isian' ny fifankaleovana ara-dalàna sy tena izy amin' i Madagasikara dia azo soratana anarana koa ao amin' ny tabilaon' ny holafitra.

And. 8. — Ny holafitra dia mitandro ny foto-kevitra miompana amin' ny fahamendrehan-toetra, ny fandalàna ny rariny na ny fandavan-tena ilaina amin' ny fanaovana ny asan' ny *vétérinaire*, ny fanajan' ny mpikambana rehetra ao aminy ny adidy eo amin' ny fandalàna ny adidy aman' andraikitra iantsorohana ary koa ny fitsipika voalazan' ny fehezan-dalàna momba ny adidy.

Ankoatra izany, ny holafitra izay misaka ny zo aman' andraikitry ny isam-batan' olona dia :

— mitandro ny fiarovana ny voninahitra, ny fahamendrehana, ny fahaleovantenan' ny *vétérinaire* ;

— miandraikitra ny fiarovana ny tombontsoa azo avy amin' ny fahamendrehan-toetra eo amin' ny fanaovana ny asa ;

— mandamina, raha ilaina, ny asa fanampiana ny mpikambana ao aminy sy fitsinjovana ny fisotroany ronono na koa ny anjoaniny ;

— mitantana ny fananana sy harena ananany.

**And. 9.** — Ny Fivoriambe dia misy ireo *docteurs-vétérinaires* rehetra voasoratra anarana. Mivory isaky ny roa taona izy araka ny fiantsoan' ny filoha. Ireto indrindra ny anjara asany :

— fankatoavana ny tatitra momba ny asa vita ataon' ny filoha ;

— fanolorana soso-kevitra ny amin' izay fomba heverina ho mety hampandrosoana ny zava-kendren' ny lalàna mikasika ny fiainan' ny biby ;

— famaritana ny sori-dàlana mahomby amin' ny fampandehanana ny asa ;

— famaranana ny kaonty sy fanambarana ny fahadiovan' ny toebola tamin' ny taona roa teo aloha ;

— famaranana ny tetibola isaky ny roa taona ;

— fifidianana izay ho mpikambana ao amin' ny filan-kevipirenena.

And. 10. — Ny fivoriambe voalohany dia antsoin' ny Minisitra miandraikitra ny Fiompiana, sivy volana raha ela indrindra aorian' ny famoahana ity didim-panjakana ity.

Ny *docteurs-vétérinaires* rehetra dia ho kilasiana amin' ny iray amin' ireo sokajy, araka ny fangatahana an-tsoratra ataony ary rahefa nohamarinina fa marim-pototra izany fangatahana izany.

Io fivoriambe io dia hanondro vaomiera iray misy mpikambana fito hiandraikitra ny fanomanana, ao anatin' ny fe-potoana telo volana raha ela indrindra :

— volavolam-pitsipi-pitondrana sy volavolam-pitsipika anatiny ;

— savaranon' andon' ny volavolan' ny fitsipika momba ny fandalàna ny adidy aman' andraikitra iantsorohana.

Art. 5. — Sans préjudice des lois et règlements en vigueur, les devoirs moraux et professionnels des vétérinaires sont déterminés par un code de déontologie établie par l'ordre national des docteurs-vétérinaires et approuvé par le Ministre chargé de l'Elevage.

Art. 6. — En raison du nombre limité de postes dont elle dispose, l'administration procède par concours, dont les conditions seront fixées par le Ministre chargé de l'Elevage, au recrutement des docteurs-vétérinaires dont elle s'attache les services à temps plein.

## CHAPITRE 2

### *Ordre national des docteurs-vétérinaires*

#### Section I — Organisation et structure

Art. 7. — L'ordre national des docteurs-vétérinaires créé par la loi sur la vie des animaux (article 11) et désigné dans ce qui suit par «l'ordre» regroupe tous les docteurs-vétérinaires de nationalité malgache. Les ressortissants des pays où il existe une réciprocité de droit et de fait en la matière avec Madagascar peuvent également être inscrits au tableau de l'Ordre.

Art. 8. — L'ordre veille au maintien des principes de moralité, de probité ou de dévouement indispensables à l'exercice de la profession vétérinaire, à l'observation par tous ses membres des devoirs professionnels, ainsi que des règles édictées par le Code de déontologie.

En outre, l'Ordre, doté de la personnalité civile :

— assure la défense de l'honneur, de la dignité, de l'indépendance de la profession vétérinaire ;

— est chargé de la défense des intérêts moraux de la profession ;

— organise, au besoin, toutes œuvres d'entraide et de retraite au bénéfice de ses membres ou de leurs ayants-droit ;

— gère le patrimoine et tous les biens dont il dispose.

Art. 9. — L'Assemblée générale est constituée de tous les docteurs-vétérinaires inscrits. Elle se réunit tous les deux ans sur convocation du président. Elle a notamment pour rôle :

— d'approuver le rapport d'activité établi par le président ;

— de proposer les mesures propres à assurer le bon développement des objectifs de la loi sur la vie des animaux ;

— de déterminer les orientations favorables à la bonne marche de la profession ;

— d'arrêter les comptes et donner quitus du bilan du biennium précédent ;

— d'arrêter le budget bisannuel ;

— d'élire les membres du conseil national.

Art. 10. — La première assemblée générale sera convoquée par le Ministre chargé de l'Elevage, au plus tard neuf mois après la publication du présent décret.

Tous les docteurs-vétérinaires seront classés dans une des sections, sur leur demande écrite et après vérification du bien-fondé de cette demande.

Cette assemblée générale désignera une commission de sept membres chargée de préparer, dans un délai maximal de trois mois :

— un projet de statuts et de règlement intérieur ;

— un avant-projet de Code de déontologie.

Ny vaomiera mpanomana dia hanendry filoha iray izay hiandraikitra ny asan' ny filoha vonjimaikan' ny holafitra.

Herintaona farafahelany aorian' ny famoahana ity didimpanjakana ity, ny filoha vonjimaikan' ny Holafitra dia hampiantso ny fivoriamben' ny Holafitra mba hanao ny:

— fankatoavana ny fitsipi-pitondrana sy ny fitsipika anatiny;

— fivorian' ireo sokajy mba hanendry izay ho filohany, filohalefiny ary mpitan-tsorany;

— fifidianana ny filan-kevi-pirenena izay hanendry ny filoha sy ny sekretera jeneralin' ny Holafitra, mandritra ny fampiatoana ny fivoriana;

— fanaovana adi-hevitra momba ny Fitsipika momba ny fandalàna ny adidy aman' andraikitra iantsorohana izay ankatoavina mandritra ny roa taona, satria ny Fehezan-dalàna raikitra dia faranana amin' ny fivoriana ara-dalàna voalohany ataon' ny fivoriambe.

And. 11. — Ny filan-kevi-pirenen' ny Holafitra dia misy mpikambana 7:

— filohan' ny sokajy 2;

— olona dimy, voafidin' ny maro an' isa tonga nanatrika ny fivoriambe.

Ny filan-kevi-pirenena dia ahitana:

— filoha iray izay sady filohan' ny Holafitra;

— sekretera jeneraly iray;

— filoha-lefitra roa izay filohan' ny sokajy avy hatrany.

Ny filohan' ny filan-kevi-pirenena sy ny sekretera jeneraly dia fidin' ny filan-kevi-pirenena amin' ireo mpikambana dimy voafidin' ny fivoriambe. Raha toa ka misy filohan' ny sokajy iray voafidy amin' ireo mpikambana dimy ireo, dia tokony hametra-pialana amin' ny maha-filohan' ny sokajy azy izy, na handà ny fahefana omen' ny fivoriambe azy, fahefana izay hafindra amin' ny olona nahazo vato be indrindra eo amin' ny laharana fahenina.

Ny maha-mpikambana ao amin' ny filan-kevitra dia mifarana:

— amin' ny fahataperan' ny fe-potoana nampanaovana ny asa;

— raha misy tsy fahazoana miasa mandritra ny fotoana maharitra na tojo ny fahafatesana;

— raha misy fametraham-pialana voarain' ny filoha ary eken' ny filan-kevitra.

Mandritra ny fe-potoana iasan' ny filan-kevitra, ny fitsaharana amin' ny asa maha-mpanolotsaina, na inona na inona antony, dia mitarika ny fanoloana avy hatrany amin' izay manarakaraka eo amin' ny filaharana tamin' ny latsabato tamin' ny fivoriambe farany. Ireo manaraka, izay voatendry ho mpanampy, dia antsoina handimby toerana ny mpanolotsaina, amin' ny fivorian' ny filankevitra, raha sendra misy fahabangana vetivety.

Ny fanapahana raisin' ny filan-kevitra dia tsy manan-kery raha tsy tonga manatrika eo ahay, ny mpanolotsaina dimy, ka ao anatin' izany ny filoha, raha tsy hoe angaha nanome fahefana ny iray amin' ny filoha-lefitra izy mba hisolo azy.

Ny filan-kevi-pirenen' ny Holafitra dia mivory intelo isan-taona araka ny fiantsoan' ny filoha, araka izay heveriny ho ,mety na araka ny fangatahana an-tsoratra miainga amin' ny fandaharampotoana mifandraika amin' izany, ataon' nv mpanolotsaina efatra.

And. 12. — An anatin' ny anjara raharahany, ny filan-kevitra dia:

— mandinika ny mari-pahaizana sy mandray fanapahan-kevitra nomba ny hiakarana eo amin' ny laharan' ny *doctaur-vétérinaire*, ho fampiharana ny fepe-dalàna, ary manao ny fanoratana ao amin' ny tabilaon' ny Holafitra, ao amin' ny iray amin' ny sokajy; ho amin' ny sokajy A, rehefa nahazo ny fankatoavan' ny Minisitra miandraikitra ny Fiompiana;

— manome ny heviny amin' ny fangatahana hanorina, ny fanoana vonjimaika, ny momba ny mpanampy, ny fiovan' ny toerana asana;

— manao fanadihadiana sy mamoaka ny heviny amin' ny fontaniana apetraky ny Minisitry ny Fiompiana aminy, izay ahy ny filan-kevitra

La commission préparatoire désignera un président qui exercera les fonctions de président provisoire de l'Ordre.

Un an au plus tard après la publication du présent décret, l'assemblée générale de l'Ordre sera convoquée par le président provisoire afin de procéder à:

— l'adoption des statuts et du règlement intérieur;

— la réunion des sections pour la désignation de leur président, vice-président, secrétaire;

— l'élection du conseil national qui, au cours d'une suspension de séance, désignera le président et le secrétaire général de l'Ordre

— la discussion du Code de déontologie qui sera adopté pour deux ans, le Code définitif étant arrêté à la première session ordinaire de l'assemblée générale.

Art. 11. — Le conseil national de l'Ordre comporte sept membres:

— les deux présidents de section;

— cinq élus, à la majorité des votants par l'assemblée générale.

Le conseil national comporte:

— un président, président de l'Ordre;

— un secrétaire général;

— deux vice-présidents, qui sont d'office les présidents de section.

Le président du conseil national et le secrétaire général sont élus par le conseil national parmi les cinq membres élus par l'assemblée générale. Si l'un des présidents de section est élu parmi les cinq, il doit se démettre de ses fonctions de président de section, ou renoncer au mandat qu'il a reçu de l'assemblée générale; lequel passe alors à celui qui a obtenu le plus de voix, en sixième position.

La qualité de membre du conseil se termine:

— en fin de mandat;

— en cas d'invalidité permanente ou de décès;

— en cas de démission reçue par le président et acceptée par le conseil.

En cours de mandat du conseil, la cessation de fonctions d'un conseiller, quelque qu'en soit la cause, entraîne son remplacement immédiat par le suivant dans l'ordre du résultat de vote à la dernière assemblée générale. Les suivants, désignés comme suppléants, sont appelés à remplacer les conseillers en cas d'absence temporaire à une réunion du conseil.

Les décisions du conseil ne sont valables que si au moins cinq conseillers sont présents, dont le président, sauf si celui-ci donne mandat à l'un des vice-présidents, de le remplacer.

Le conseil national de l'Ordre se réunit trois fois par an, sur convocation du président, à la propre initiative de celui-ci ou sur la demande écrite, fondée sur un ordre du jour identique, d'au moins quatre conseillers.

Art. 12. — Dans le cadre de ses attributions, le conseil

— apprécie les diplômes, et conclut à l'admінission au grade de docteur-vétérinaire, en application des dispositions réglementaires, et procède aux inscriptions au tableau de l'Ordre, dans l'une ou l'autre section; pour la section A, après avis favorable du Ministre chargé de l'Elevage;

— donne son avis sur les demandes d'installation, les remplacements temporaires, les assistants, les changements de résidence professionnelle;

— étudie et donne un avis sur les questions qui lui sont posées par le Ministre chargé de l'Elevage, qui a la tutelle du conseil

— mampihatra ny sazy ara-pifehezana, izay tsy mahasakana ny sazy ara-panjakana izay mety hampiharina amin' ny mpikambana ao amin' ny asam-panjakana (sokajy A);

— manolotra soso-kevitra momba ny habetsahan' ny latsakemboka;

— mitantana ny fananan ny Holafitra, afaka manorina sy manome fanampiana ny asa fanaovan-tsoa mikasika ny asa na ny tahiry momba ny fanampiana na ny fisotroan-dronono ho an' ny mpikambana amin' ny Holafitra.

Na manao ahoana na manao ahoana, ny filan-kevitra dia tsy tokony hirahana, eo am-pamosahana hevitra sy fandraisana fanapahana, izay hevitra politika, filozofika na momba ny fivavahana avy amin' ireo mpiray asa aminy.

And. 13. — Ny filoha no misolo tena ny Holafitra amin' ny raharaha rehetra ifanaovana amin' ny mpiara-belona ary koa eo anatrehan' ny fitsarana.

And. 14. — Ny Holafitra dia manana sokajy roa miavaka:

Sokajy A: ny *docteurs-vétérinaires* izay miasa fotoana feno amin' ny Fanjakana;

Sokajy B: ny *docteurs-vétérinaires* izay miasa ho an' ny tenany na miasa amin' ny olon-kafa.

Ny sokajy tsirairay avy dia manana filoha iray, filoha-lefitra iray ary mpitan-tsoratra iray, nofidiana tamin' ny fivorian' ny sokajy.

Ny sokajy dia afaka mivory mitokana, ka izay volavolan-kevitra amin' izany dia aroso amin' ny fivoriambe momba ny zavatra mikasika ny fitambaramben' ny *docteurs-vétérinaires*.

Ny *docteurs-vétérinaires* miasa amin' ny Fanjakana izay mety ho ekena hanao asa ivelan' ny Fanjakana ankoatry ny fotoana fiasany sy ny *docteurs-vétérinaires* miasa ho an' ny tenany izay mety hanankinana iraka momba ny asam-panjakana dia azo soratana ao amin' ireo sokajy roa ireo.

Na izany aza anefa, ny *docteurs-vétérinaires* dia tsy manana afa-tsy vato tokana ihany eo amin' ny fivoriamben' ny Holafitra.

Sokajy II. — Fidiram-bolan' ny Holafitra

And. 15. — Ny fidiram-bolan' ny Holafitra dia:

— ny latsakemboka ataon' ny mpikambana ao aminy ka ny filankevitra no handroso soso-kevitra amin' ny famerana izany, ka hamafisina amin' ny alalan' ny didim-pitondrana ataon' ny Minisitra miandraikitra ny Fiompiana izany;

— ny fanomezana sy ny tolotra avy amin' ny mpikambana ao aminy, na avy amin' ny olona any ivelany raha atokana ho amin' ny asan' ny Holafitra;

— ny fanampiana izay mety ataon' ny mpitondra Fanjakana.

Sokajy III — Fitsipi-pifehezana

And. 16. — Ny filan-kevitra dia manam-pahefana amin' ny fitsipi-pifehezana eo amin' ny ambaratonga voalohany. Amin izany, dia ilainy ny fanampian' ny:

— mpitsara iray tendren' ny Minisitry ny Fitsarana, mitarika ny filan-kevitra;

— solontena iray avy amin' ny minisitera miandraikitra ny Fiompiana izay manao ny asan' ny mpampaka-teny.

Noho izany, ny filan-kevitry ny fitsipi-pifehezana dia ahitana mpikambana sivy.

Ny fanapahan-kevitry ny filan-kevitry ny fitsipi-pifehezana dia tsy manan-kery raha tsy tonga ahay manatrika ny mpikambana fito ka anisan' izany ny filoha sy ny mpitan-tsoratra.

Tsy mahazo mivory ao amin' ny filan-kevitry ny fitsipi-pifehezana ny havana, ny havana avy amin' ny fanambadiana, ny mpiara-miasa amin' ilay olona toriana. Amin' izany, dia ilaina ny fiantsoana ny mpisolo toerana.

— inflige les sanctions disciplinaires, sans préjudice des sanctions administratives que pourraient encourir les membres de la fonction publique (section A);

— propose le montant de la cotisation;

— gère les biens de l'Ordre, peut créer et subventionner des œuvres intéressant la profession ou des caisses de secours ou de retraite pour les membres de l'Ordre.

En aucun cas, le conseil ne doit tenir compte, dans ses avis et décisions, des opinions politiques, philosophiques ou religieuses des membres de la profession.

Art. 13. — Le président représente l'Ordre dans tous les actes de la vie civile et en justice.

Art. 14. — L'Ordre comporte deux sections distinctes:

Section A: les docteurs-vétérinaires exerçant à temps plein dans l'administration;

Section B: les docteurs-vétérinaires exerçant leur art à titre libéral ou de salarié.

Chaque section comporte un président, un vice-président et un secrétaire, élus par l'assemblée de section.

Les sections peuvent se réunir séparément, leurs avis sont présentés à l'assemblée générale pour les questions concernant l'ensemble des docteurs-vétérinaires.

Les docteurs-vétérinaires de l'administration qui seraient autorisés exercer des activités privées hors de leur temps de service et les docteurs-vétérinaires libéraux qui se verraient confier des missions de service public peuvent être inscrits dans les deux sections.

Toutefois, tout docteur-vétérinaire ne dispose que d'une voix en assemblée générale de l'Ordre.

Section II — Ressources de l'Ordre

Art. 15. — Les ressources de l'Ordre sont:

— les cotisations de ses membres dont le taux est proposé par le conseil, puis entériné par arrêté du Ministre chargé de l'Elevage;

— les dons et legs de ses membres ou, s'ils sont destinés à des œuvres de l'Ordre, des personnes extérieures;

— les subventions éventuelles des pouvoirs publics.

Section III — De la discipline

Art. 16. — Le conseil exerce la compétence disciplinaire en première instance. A cet effet, il se voit adjoindre:

— un magistrat nommé par le Ministre de la Justice qui la préside;

— un représentant du ministère chargé de l'Elevage qui fait office de rapporteur.

Le conseil de discipline comporte donc nauf membres.

Les délibérations du conseil de discipline ne sont valables que si au moins sept membres sont présents, dont le président et le secrétaire.

Ne peuvent siéger au conseil de discipline, les parents, alliés, associés de la personne mise en cause. Dans ce cas, il est fait appel aux suppléants.

And. 17. — Fanolorana ny raharaha hotsaraina.

Ny fanolorana ny raharaha hotsarain' ny filan-kevitry ny fitsipi-pifehezana dia atao amin' ny alalan' ny taratasy alefa amin' ny filohany, avy amin' ny Minisitra miadidy ny Fiompiana, ny Minisitry ny Fitsarana na koa avy amin' ny filohan' ny Holafitra.

Azo atao koa ny manolotra azy ny raharaha hotsaraina noho ny fangatahana ataon' ny ampahatelon' ny *docteurs-vétérinaires* voasoratra amin' ny Holafitra, amin' ny alalan' ny firaketana antsoratra iombonana mamelabelatra ny antonanton' ny fitoriana.

And. 18. — Ny fahefana ananan' ny filan-kevitry ny fitsipi-pifehezana dia voafetra ho amin' ny fitsarana ny tsy fanajana ny fitsipika momba ny fandalana ny adidy aman' andraikitra iantsorohana.

Raha mikasika ny *docteurs-vétérinaires* miasa amin' ny Fanjakana sy nekena hanao asa ivelan' ny Fanjakana, ny Minisitra miadidy ny Fiompiana dia hampahafantarina ny paika arahina sy ny vokany.

Ny filan-kevitry ny fitsipi-pifehezana dia tsy manam-pahefana hanapaka amin' ny raharaha mifandray amin' ny anjara raharahan' ny asam-panjakana.

And. 19. — Ny paika arahina dia voafaritry ny Fitsipika momba ny fandalana ny adidy aman' andraikitra iantsorohana. Hajainy amin' ny lafiny rehetra ny zo hiarovan-tena ary omena alàlana ny fanampian' ny mpisolovava na ny mpiaro amin' ny mpiray asa.

And. 20. — Ny sazy ara-pitsipi-pifehezana izay azon' ny filan-kevitry ny fitsipi-pifehezan' ny Holafitra ampiharina dia ireto manaraka ireto, ka alahatra arakaraky ny halehiben' ny fahadisoana :

— ny fampitandremana ;

— ny faniniana ;

— ny fandrarana tsy hanao asam-panjakana iray na maromaro na asa ivelan' ny Fanjakana mandritra ny telo taona raha be indrindra ;

— Ny fikosehan' anarana ao amin' ny tabilaon' ny Holafitra.

And. 21. — Izay fitarainana mikasika ny fisoratana anarana amin' ny Holafitra, izay fanoherana rehetra tamin' ny fifidianana dia tokony atolotra ny filan-kevitry ny fitsipi-pifehezana, ao anatin' ny fe-potoana roa volana. Raha toa ilay manao fanoherana ka mpikambana ao amin' ny filan-kevitra, dia soloana amin' ny iray amin' ireo mpisolo toerana izy.

Ny fanapahan-kevitry ny filan-kevitry ny fitsipi-pifehezana dia azo ampakarina any amin' ny rantsam-pitsarana momba ny raharaham-panjakana ao amin' ny Fitsarana tampony. Ny fampakaram-pitoriana dia tokony atolotra ao anatin' ny fe-potoana telo volana manomboka amin' ny famoahana ny fanapahan-kevitra na koa manomboka amin' ny fampahafantarana ny olona voakasik' izany.

Ny fangatahana fitsarana ambony amin' ny rantsam-pitsarana momba ny raharaham-panjakana ao amin' ny Fitsarana tampony dia mampiato ny fanatanterahana ny fanapahan-kevitra noraisin' ny filan-kevitry ny fitsipi-pifehezana.

And. 22. — Ny Fitsipika momba ny fandalana ny adidy aman' andraikitra iantsorohana tena raikitra izay holanian' ny fivoriambe faharoa, araka ny tolo-kevitry ny filan-kevitra, dia tokony efa nalefa hakana ny hevitry ny Minisitra miadidy ny Fiompiana sy ny Minisitry ny Fitsarana, farafahakeliny enim-bolana mialoha.

Ireo hevitra ireo dia hampiarahana amin' ny rijan-teny izay holaniana amin' ny latsabato ataon' ny mpikambana ao amin' ny fivoriambe.

Sokajy IV. — Fiahiana ny Holafitry ny *docteurs-vétérinaires*

And. 23. — Ny Minisitra miandraikitra ny Fiompiana no miahy ny Holafitry ny *docteurs vétérinaires* eto amin' ny firenena.

Raha sendra misy fifanolanana bevava, tsy fandaniana tetibola, tsy fisian' ny fivoriana ao anatin' ny fe-potoana voatondro, fivao-

Art. 17. — Saisine.

Le conseil de discipline est saisi par lettre adressée à son président émanant du Ministre chargé de l'Elevage, du Ministre de la Justice ou du président de l'Ordre national.

Il peut également être saisi à la demande du tiers des docteurs-vétérinaires inscrits à l'Ordre sur un document commun exposant les faits qui motivent cette demande.

Art. 18. — La compétence du conseil de discipline est limitée aux manquements aux règles édictées par le Code de déontologie.

S'il s'agit de docteurs-vétérinaires appartenant à la fonction publique et autorisés à pratiquer des activités privées, le Ministre chargé de l'Elevage sera informé de la procédure comme de son résultat.

Le conseil de discipline n'est pas compétent pour statuer sur les matières en rapport avec les attributions relevant de la Fonction publique.

Art. 19. — La procédure est précisée dans le Code de déontologie. Elle respecte en tous points les droits de la défense et autorise l'assistance d'un avocat ou d'un défenseur de la profession.

Art. 20. — Les sanctions disciplinaires que le conseil de discipline de l'Ordre peut appliquer sont, dans l'ordre de gravité croissante :

— l'avertissement ;

— le blâme ;

— l'interdiction temporaire d'exercer une ou plusieurs activités publiques ou privées pendant une durée maximale de trois ans ;

— la radiation du tableau de l'Ordre.

Art. 21. — Toute réclamation relative à l'inscription à l'Ordre, toute contestation électorale doivent être présentées devant le conseil de discipline, dans un délai de 2 mois. Si le contestataire en est membre, il est remplacé par l'un des suppléants.

Les décisions du conseil de discipline peuvent faire l'objet d'un recours en appel devant la chambre administrative de la Cour suprême. Le recours doit être présenté dans un délai de trois mois à compter du prononcé de la décision ou de sa notification à l'intéressé.

L'appel devant la chambre administrative de la Cour suprême est suspensif de l'exécution de la décision prise par le conseil de discipline.

Art. 22. — Le Code de déontologie définitif, qui sera adopté par la deuxième assemblée générale aux proposition du conseil, devra avoir été soumis au moins six mois avant pour avis au Ministre chargé de l'Elevage et au Ministre de la Justice.

Les avis seront joints au texte soumis au vote des membres de l'assemblée générale.

Section IV. — Tutelle de l'Ordre national des docteurs vétérinaires

Art. 23. — Le Ministre chargé de l'Elevage a la tutelle de l'Ordre national des docteurs-vétérinaires.

En cas de conflit grave, de défaut d'adoption du budget, d'absence de réunion dans les délais prévus, d'écarts graves et répé

nana amin' ny taoniny goavana sy miverimberina, ny Minisitra miandraikitra ny Fiompiana dia afaka manolotra soso-kevitra hanjavana ny filan-kevitra amin' ny alalan' ny didim-panjakana, rehefa avy nanome fampitandremana ny filoha. Amin' izany, io didim-panjakana io dia mitsinjo fotoana fivoriambe vaovao, ao anatin' ny enim-bolana, izay hiandraikitra ny fanendrena filan-kevitra vaovao sy hamantatra ny tetibola novolavolain' ny Minisitra miandraikitra ny Fiompiana izay hampiharina avy hatrany.

Alohan' ny ametrahana ny filan-kevitra vaovao, dia fitondran-draharaha vonjimaika tarihin' ny mpitsara iray, filohan' ny filan-kevitry ny fitsipi-pifehezana ary misy ny talen' ny Fiompiana sy ny lehiben' ny sampan-draharaham-panjakana miandraikitra ny fitsaboana ny biby na ny lefiny, no mitantana ny Holafitra.

Ny mpikambana ao amin' ny filan-kevitra noravana dia tsy azo fidina mandritra ny fivoriambe anankiroa manaraka.

And. 24. — Foanana ary dia foana ny fepetra rehetra teo aloha mikasika ny fanaovana ny asan' ny fitsaboana ny biby, mifanohitra amin' ity didim-panjakana ity.

And. 25. — Ny Minisi-panjakana miandraikitra ny Fambolena sy ny Fampandrosoana ny ambanivohitra, ny Minisitry ny Fiompiana sy ny Haren' ny ati-rano no miandraikitra, araka ny tandrify azy avy, ny fanatanterahana ity didim-panjakana ity, izay havoaka amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika.

Natao tao Antananarivo, ny 26 febroary 1992.
Guy Willy RAZANAMASY.

Avy amin' Praiminisitra
sady Lehiben' ny Governemanta:
*Ny Minisi-panjakana amin' ny Fambolena sy ny Fampandrosoana ny ambanivohitra,*
Dr Emmanuel RAKOTOVAHINY.

*Ny Minisitry ny Fiompiana sy ny Haren' ny ati-rano,*
TSIALETRA.

---

**DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA-92-284**
**manisy fitsipika mombe ny fanafody fitsaboana ny biby fiompy**

Ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta,

Araka ny Lalàmpanorenana sy ny Fifanarahana tamin' ny 31 oktobra 1991,

Araka ny lalàna laharana faha-91-008 tamin' ny 25 jolay 1991 mikasika ny fiaimpiainan' ny biby,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-91-432 tamin' ny 8 aogositra 1991 manendry ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-91-614 tamin' ny 19 desambra 1991 manova ny didim-panjakana laharana faha-91-549 tamin' ny 13 novambra 1991 manendry ny mambra ao amin' ny Governemanta,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-92-150 tamin' ny 5 febroary 1992 mametra ny anjara raharahan' ny Minisitry ny Fiompiana sy ny Haren' ny ati-rano ary koa ny tandaminana ankapobe ny minisiterany,

Araka ny tolo-kevitra naroson' ny Minisitry ny Fiompiana sy ny Haren' ny ati-rano,

Eo am-pivorian' ny Governemanta,

Dia mamoaka izao didy izao:

TOKO VOALOHANY

*Famaritana*

Andininy voalohany. — Amin' ny hevitra raketin' ity didim-panjakana ity, ny antsoina hoe:

— *fampifangaroana fanafody mialoha:* dia ny fanafody rehetra fitsaboana ny biby nokarakaraina mialona ary tsy azo ampiasaina raha tsy amin' ny fanamboarana sakafo misy fanafody ihany any aoriana:

tés, après mise en garde adressée au président, le Ministre chargé de l'Elevage peut proposer la dissolution par décret du conseil. Le décret prévoit dans ce cas la date de convocation d'une nouvelle assemblée générale, dans les six mois, chargée de désigner un nouveau conseil et de prendre connaissance du budget préparé par le Ministre chargé de l'Elevage et qui sera appliqué d'office.

Avant la mise en place de nouveau conseil, l'Ordre est géré par une délégation provisoire présidée par le magistrat, président du conseil de discipline et comprenant le directeur de l'Elevage et le chef des services vétérinaires officiels ou son adjoint.

Les membres d'un conseil dissous ne sont pas rééligibles lors des deux assemblées générales suivantes.

Art. 24. — Sont et demeurent abrogées toutes dispositions antérieures relatives à l'exercice de la profession vétérinaire, contraires à celles du présent décret.

Art. 25. — Le Ministre d'Etat à l'Agriculture et au Développement rural, le Ministre de l'Elevage et des Ressources halieutiques sont chargés de l'exécution du présent décret qui sera publié au *Journal offiiel* de la République.

Fait à Antananarivo, le 26 février 1992.
Guy Willy RAZANAMASY.

Par le premier ministre,
chef du Gouvernement:
*Le Ministre d'Etat à l'Agriculture et au Développement rural,*
Dr Emmanuel RAKOTOVAHINY.

*Le Ministre de l'Elevage et des Ressources halieutiques,*
TSIALETRA.

---

**DECRET N° 92-284**
**réglementant la pharmacie vétérinaire**

Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu la Constitution et la Convention du 31 octobre 1991,

Vu la loi n° 91-008 du 25 juillet 1991 relative à la vie des animaux;

Vu le décret n° 91-432 du 8 août 1991 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement.

Vu le décret n° 91-614 du 19 décembre 1991 modifiant le décret n° 91-549 du 13 novembre 1991 portant nomination des membres du Gouvernement,

Vu le décret n° 92-150 du 5 février 1992 fixant les attributions du Ministre de l'Elevage et des Ressources halieutiques, ainsi que l'organisation générale de son ministère,

Sur proposition du Ministre de l'Elevage et des Ressources halieutiques,

En conseil du Gouvernement,

Décrète:

CHAPITRE PREMIER

*Définition*

Article premier. — Au sein du présent décret, on entend par:

— *Prémélange médicamentaux:* tout médicament vétérinaire préparé à l'avance et exclusivement destiné à la fabrication ultérieure d'aliments médicamentaux.